



“Koa miambena ianareo, fa tsy fantatrareo izay andro hihavian’ny tompo...” (Mar 13:33-35)

Amin'izao Alahady voalohany amin'ny Advento izao dia miditra amin'ny taona litorjika vaovao isika. Hitarika antsika mandrampahatongan’ny Krismasy izany mandritra ny herinandro maromaro. Avy eo isika dia hanaraka ny Tompo eo amin’ny dingana isan-karazany teo amin’ny fiainany niaraka tamin’ny vahoaka, ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin’ny maty. Tsaroantsika fa ny teny hoe advento dia midika hoe fahatongavana. Ny advento, dia ny fotoana fahatongavan’ny Tompo. Kristiana isika, mieritreritra Krismasy isika rehetra. Hihira ny nahaterahan’I Mesia isika. Kihon-dàlana tena ilaina eo amin’ny tantaran’ny tontolo misy antsika izany. Ary amin’ity taona ity dia ny filazantsaran’I Marka no hanampy antsika handray Azy (Kristy)

Ireo andinin-tSoratra Masina amin’ity Alahady ity dia manasa antsika hanana fomba fijery hafa ny advento. Marina fa ny Krismasy no nahaterahan’I Jesosy tamin’ny fotoana teo ami’ny tantaran’izao tontolo izao. Fa ankehitriny, ny Filazantsara dia manasa antsika hanana fomba fijery hafa. Io Jesosy izay hankalazaintsika ny nahaterahany dia io ihany ilay hiverina amim-boninahitra. Ny tetikasany goavana dia ny hitarika antsika hiaraka Aminy ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Ambaran’I Marka amintsika, androany, ny hafatrafatr’I Jesosy; azo fintinina amin’ny teny tokana izany: “MIAMBENA”. Miverina in-efatra io teny io; izany hoe manana ny lanjany izany; hiverina amin’ny fotoana tsy ampoizina mantsy ny Tompo. Aoka tsy ho adino ny fiverenany; noho izany, tsy tokony hatoritory.

Marina fa tsy tian’ny Tompo ny matoritory. Matetika Izy no nanafatrafatra ny mpianany mba ho mailo hatrany. Tamin’ny fotoana nijaliany tao Getsemane dia niteny tamin’ireo apostoly telo mirahalahy Izy hoe: “Miareta tory/ miambena ka mivavaha mba tsy hidiranareo amin’ny fakam-panahy” (Mar 14:38) Tsy manao izay hampatahotra ny fontsika Izy amin’izany. Ny fitiavana no tiany hitombo ao amintsika, fitiavana mailo sy mitandrana. Tiany hofohazina ao amintsika koa ny faniriana hahita Azy. Lavitry ny mpaminany mampalahelo izay manambara fa ny faran’izao tontolo izao dia rahampitso na rahafakampitso isika. Raha miresaka amintsika ny fihaviana Jesosy, dia tokony tsy hihevitra ny faran’izao tontolo izao aloha fa ilay fihaviana lehibe niarahantsika taminy hatramin’ny niakarany tany an-danitra. Ho avy ny Tompo; mandondona ao am-baravarantsika Izy; ary isan’andro dia tokony hiomana hatrany handray Azy isika.

Nandritra ny fotoana vitsivitsy izay dia maneso manoloana ny krizy mahazo ny olona ny dokambarotra ka milaza amintsika ny Krismasy nofinofy. Amin’izao Alahady voalohany amin’ny advento izao dia manasa antsika ireto andinin'ny vitsivitsy ao amin’ny Baiboly ireto hamerina ireo fety amin’ny lafy tsarany. Ny Krismasy aloha dia tsy “reveillon”, tsy ny fanomezana (cadeaux) sy ny jiro kely miendrika boules (lampions). Tsy maintsy lazaina ary averimebrina fa ny Krismasy dia Jesosy izay ho avy. Raha tsy mitandrana isika dia mety hanadino ny hevitr’ity fety ity; averina indray fa ny Krismasy dia Jesosy izay ho avy. Isan’andro dia mamela antsika famantaranay ny fiaviany, ny fanatrehany ary ny asany eo amin’ny fiainantsika Izy. Eritrereto ireo tanora maro nandray anjara tamin’ny fivoriana nasionaly na iraisam-pirenena ho an’ny tanora Kristiana. Nampitsimbadika ny fiainan’izy ireo iny hetsika iny. Toy izao ny fijoroana vavolombelona re: “nanova ny fiainako Izy”. Ireo izay niaina fihaonana toy izany dia tsy nanana zavatra hafa hambara intsony afa-tsy ny miantsoantso izany vaovao tsara izany ho an’izao tontolo izao manontolo.



Efa tonga teto ny Tompo taonjato roapolo lasa izay. Tsy nisy olona nandray Azy afa-tsy mpiandry ondry niambina ny ondriny sy vahiny vitsivitsy izay nandinika ny lanitra ka nahita ilay kintana sarom-pantarina. Anio, mipetraka amintsika ny fanontaniana: rehefa hiverina ny Tompo amin'ny fara-andro, fandraisana manao ahoana no ho hitany? (Illustration ankizy milalao baolina sy Mompera). Ny zava-dehibe dia ny fanomanana izany zavatra hitranga izany ho toy ny fety lehibe, miaraka amin'ny fifaliana sy fahatoakiana. Rehefa mandray olona nasaina isika dia miomana fatratra amin'izany. Manjary fifaliana no hanaovantsika ny zavatra rehetra mba hahatonga lafatra ny fandraisana rehetra. Noho izany indrindra, raha ny Tompo io vahiny nasaina io: tokony hanetsehantsika ny herinstika manontolo io fihaonana voafaritra hiarahana Aminy io. Manomana izany isan'andro tahaka ny manomana fety lehibe isika.

Mandritra izany fotoana izany, dia aoka tsy ho adinontsika fa tonga isan'andro amin'ny alalan'ny zava-misy eo amin'ny fiainantsika ny Tompo. Tonga eo amin'izay olona irahiny eny amin'ny lalantsika Izy. Tonga ao amintsika koa Izy manome ny "tenin'ny fiainana mandrakizay". Rehefa tonga ao am-piangonana isika ny Alahady, dia Izy no mandray antsika. Tiany ny hananantsika fiainana be dia be. Indrisy anefa, mety hitera-doza lehibe ny fijanonana ho rendremana na ampatorian'ny havizanana sy ny fahazarana (routine). Mba hahafantarana an'I Kristy sy handraisana Azy, dia mila ny fijerin'ny finoana isika. Amin'ny alalan'ny finoantsika Azy no hijerena Azy. Mino isika fa misy Izy.

Izany no antony maha-zava-dehibe ny tokony hifohazana. Toy ilay mpiandry varavarana nasainna niambina tsara isika. Ao an-trano iizy kanefa mijery ihany koa ny ety ivelan'ny trano. Izy no ilay miambina ary izy ihany koa no ilay mamoha. Mandray (manao accueil) sy manao izay hampifandraisana amin'ny ao an-trano no anjara asany. Amin'ny maha-solontenan'na fikambanana azy, dia izy no mamoha ny varavarana ary izy no manambara izay tokony ho fantatr'izay olona raisiny. Ho an'ny hafa ny fanompoana ataony. Isika Kristiana, isika io mpiandry varavarana io. Isika no vavolombelona sy irak'io Jesosy izay tonga hihaona amintsika io. Ka isan'andro isika no tsy maintsy haha-vonona antsika amin'ny fandraisana Azy.

Tao amin'ny ankany fitaizana be antitra, nisy rangahy antitra iray niomana fatratra ny famangian'ny zanany vavy. Fantany fa ho avy izy ary izany dia nanome azy fifaliana sy fanantenana tena ilaina mba ho entina matrika ny fahasarotan'ny fiainana an-davanandro.

Ao amin'ny Filazantsara, isan'andro isan'andro misy Ray mankany an-tampon'ny havoana, miandry ny fiverenan'ny zanany faralahy. Manantena ihany koa izy, ary mieritreritra ny hanao fety izy aorian'ny fifankahitany amin'ilay zanany adala.

Miambena, aoka ho vonona, ampiasao tsar any fotoana izay nomena antsika! Raha hihaona amin'ny mpamorona antsika isika anio, vonona ve isika? Izany no fanontaniana apetraky ny Advento amintsika, tsy natao hampatahotra antsika izany fa mba hanasana antsika hampiasa amin'ny fomba mandray andraikitra ny fotoana izay nomena ho antsika. Matoky antsika Andriamanitra. Omeny sahanintsika izany ary manasa antsika izy mba ho malina.



Lazaina matetika fa ny fivavahana dia rongonin'ny vahoaka, izay misakana antsika tsy hiaina ny fotoana ankehitriny, fa variana miandry ny lanitra, miandry ny fahafatesana. Tena mifanohitra amin'izany anefa! Ny Kristianisma dia manasa antsika ho malina sy hihetsika ankehitriny, isan'andro.

Nankinin'Andriamanitra tamintsika izao tontolo izao izay iainantsika ary manasa antsika ho amin'ny fahamalinana Izy. Andraikitra tsara sy manan-danja izany. Noho izany, miambena ianareo, fa tsy fantatrareo izay andro hihavian'ny Tompo.

Toriteny alahady 3 desambra 2017
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA



« Veillez, car vous ne savez pas quand le maître reviendra... » (Marc 13 :33-37)

Avec ce premier dimanche de l'Avent, nous entrons dans une nouvelle année liturgique. Au fil des semaines, elle nous conduira jusqu'à Noël. Puis nous suivrons le Seigneur dans les diverses étapes de sa vie publique, sa mort et sa résurrection. Nous nous rappelons que le mot Avent signifie avènement. L'Avent, c'est le temps de la venue du Seigneur. Nous chrétiens, nous pensons tous à Noël. Nous chanterons la naissance du Messie. C'est un tournant absolument essentiel dans l'histoire de notre monde. Et cette année, c'est l'Evangile de Marc qui va nous aider à l'accueillir.

Les textes bibliques de ce dimanche nous invitent à avoir un autre regard sur l'Avent. C'est vrai que Noël c'est la naissance de Jésus à un moment de l'histoire du monde. Mais aujourd'hui, l'Evangile nous invite à un autre regard. Ce Jésus dont nous allons fêter la naissance est aussi celui qui reviendra dans la gloire. Son grand projet c'est de nous entraîner avec lui dans le Royaume de Dieu. Aujourd'hui, Marc nous rapporte les recommandations de Jésus ; elles se résument en un mot : « VEILLEZ ». Ce mot revient quatre fois ; c'est dire à quel point il est important ; le Seigneur reviendra à l'improviste. Il ne faut pas manquer son retour ; il ne faut pas s'endormir.

C'est vrai que le Seigneur n'aime pas les endormis. Il avait souvent recommandé à ses disciples de rester vigilants. Au moment de son agonie à Gethsémani, il dira à ses trois apôtres : « Veillez et priez pour ne pas entrer en tentation ». (Mc 14. 38) Non, il ne cherche pas à mettre la peur dans nos cœurs. C'est l'amour qu'il veut faire grandir en nous, un amour vigilant et attentif. Il veut aussi éveiller en nous le désir de le voir. Nous sommes loin des prophètes de malheur qui annoncent la fin du monde pour demain ou après-demain. Quand Jésus nous parle de l'Avent, il ne faut pas penser d'abord à la fin du monde mais au grand Avent dans lequel nous sommes depuis son Ascension. Le Seigneur vient ; il frappe à notre porte ; et c'est chaque jour que nous nous disposons à l'accueillir.

Depuis quelques temps, les publicités font le pied de nez à la crise en nous annonçant un Noël de rêve. En ce premier dimanche de l'Avent, les textes bibliques nous invitent à remettre cette fête à l'endroit. Noël ce n'est pas d'abord le réveillon, les cadeaux et les lampions. Il faut le dire et le redire, Noël c'est Jésus qui vient. Si nous n'y prenons garde, nous risquons d'oublier le vrai sens de cette fête ; encore une fois, Noël c'est Jésus qui vient. Chaque jour, il nous laisse des signes de sa venue, de sa présence et de son action dans notre vie. Pensons aux très nombreux jeunes qui ont participé à la rencontre nationale/internationale des jeunes chrétiennes. Cet événement a bouleversé leur vie. On a pu entendre des témoignages qui disaient : « Il a changé ma vie. » Ceux qui ont vécu une telle rencontre ne peuvent faire autrement que de crier cette bonne nouvelle au monde entier.

Le Seigneur est venu il y a vingt siècles. Il n'y avait personne pour l'accueillir, sauf quelques bergers qui veillaient sur leur troupeau et quelques étrangers qui scrutaient le ciel et y ont découvert une étoile mystérieuse. Aujourd'hui, la question nous est posée : quand le Seigneur reviendra à la fin des temps, quel accueil trouvera-t-il ? L'important c'est de préparer cet événement comme une grande fête, dans la joie et la confiance. Quand nous accueillons des invités, nous nous y préparons activement. Nous nous faisons



une joie de tout faire pour que tout soit parfait. A plus forte raison quand il s'agit du Seigneur : cette rencontre définitive avec lui doit mobiliser toutes nos énergies. Nous la préparons chaque jour comme une grande fête.

En même temps, nous n'oublions pas que le Seigneur vient chaque jour à travers les événements de notre vie. Il est présent en chaque personne qu'il met sur notre route. Il vient aussi en nous donnant les « paroles de la Vie éternelle ». Quand nous nous venons à l'église le dimanche, c'est lui qui nous accueille. Il veut que nous ayons la vie en abondance. Malheureusement, le risque est grand de rester assoupi ou endormi par la fatigue ou la routine. Pour reconnaître le Christ et l'accueillir, il nous faut le regard de la foi.

C'est pour cela qu'il est si important d'être en éveil. Nous sommes un peu comme le portier. Il est dedans mais il regarde dehors. Il est celui qui veille et qui réveille. Son rôle est d'accueillir et de mettre en relation avec l'intérieur. En tant que délégué de la communauté, il ouvre la porte et il annonce. Son service est pour les autres. Nous chrétiens, nous sommes ce portier. Nous sommes les témoins et les messagers de ce Jésus qui vient à notre rencontre. C'est tous les jours que nous nous disposons à l'accueillir.

Dans un foyer pour personnes âgées, un vieillard se prépare à la visite de sa fille. Il sait qu'elle viendra et cela lui donne la joie et l'espérance nécessaire pour affronter les difficultés de la vie quotidienne.

Dans l'évangile, chaque jour un Père se rend sur le haut de la colline, attendant le retour de son plus jeune fils. Lui aussi espère, et il pense à la fête qui suivra les retrouvailles avec son fils prodigue.

Veiller, être prêts, bien utiliser le temps qui nous est donné! Si aujourd'hui nous avons à rencontrer notre créateur, serions-nous prêts? C'est la question que nous pose l'Avent... non pas pour nous effrayer mais pour nous inviter à utiliser de façon responsable le temps qui nous est donné. Dieu nous fait confiance. Il nous met en charge et nous invite à la vigilance.

On dit souvent que la religion est l'opium du peuple, qu'elle nous empêche de vivre le moment présent, en attendant le ciel, en attendant la mort. C'est tout le contraire! Le christianisme nous invite à être vigilants et actifs maintenant, chaque jour.

Dieu nous confie le petit monde dans lequel nous vivons et nous invite à la vigilance. C'est une belle et importante responsabilité ! Alors, veillez, car vous ne savez pas quand le maître reviendra.

Prédication dimanche 3 décembre 2017
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA